Tsenaben'ny fahaleovantena
19 -25 jona eo amin'ny Parvis Analakely
Fanampim-panazavana : 033 73 486 20


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 13 jona 2019 Laharana 919 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Jehovah, Madagasikara 09 jona 2019** 5

Hafatra manokana laharana 46. Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao.

**Rajoelina mpanongam-panjakana** 3

## Mihorohoro, ny atao no hiverina



**CAN 2019** 4

## Ireo fandaharan-dalao rehetra



**FILOHA RAVALOMANANA** 2

### Nankasitraka ny mpifidy rehetra nifidy ny TIM.K25




**CUA sy ny BNGRC** 6

### Miomankomana hanala ilay vatobe 500 t mety hampidi-doza

**Andriampotsy Fenoarivobe** 6

### Tany an'hekitara maro no misy mandroba

**Daka kely**

Namangy ny ankizy tany an-dafy ndray ve ry Boaikely a !

**Fetin'ny Ray sy Fetim-pirenena** 7

### Maro ireo entana azo atao fanomezana ao amin'ny Baolai



FIAINAM-PIRENENA

# Toa tsy tamana eto an-tanindrazana ny Filoha Rajoelina

Fivoahana mankany ivelany efa ho in-6 izay raha kely indrindra no notontosain' ny filoha Andry Rajoelina nandritra ny nitantanany ny fitondrana, tao anatin'ny volana vitsy monja. Farany teo dia tany Genève any Suisse indray no nandehanany, taorian'ny tany Paris Fran-tsa . Nitondra vokatsoa mivantana ,nipaka tamin' ny vahoaka Malagasy ve izay rehetra izay? Toa kabary ambony vavahady sy tetik'asa antaratasy no betsaka. Voalaza fa manao ny asany , honony filoham-pirenena , araka ny fahitan'ny mpanaradia azy, fa ny ankamaroan'ny valalabemandry aloha tsy mahatsapa ny votoatin' ny diany ary ny teo ihany no teo, mbola miady amin'ny fiainana foana Ramalagasy. Rah any tany Genève Suisse farany teo, izay tafiditra tamin'ny fankalazana ny faha-100 taonan'ny OIT, n any fikambanana iraisampirenena momba ny asa dia tokony ho ny Praiministra Ntsay Christian no tokony ho tany satria izy no efa niasa an-taonany maro tao amin'ity fikambanana iraisam-pi- renena ity. Ne-fa dia notsabahan'ny filoha fotsiny izany tokony ho anjaran'ny Praiministra izany no nandeha tany. Raha ny fahitan'ny maro azy aloha hatreto dia ny mivoaka any am-pita , mitsangatsangana miaraka amin' ireo mpi-ara-miasa aminy sy ny mpanaradia no tena mivaingana sady mahafinaritra azy rahateo izany. Zara aza misy ireo karazana fivoriana etsy sy eroa hivoahana na dia tokony ho vitana Minisitra, eny hatramin'ny Tale ambony eny anivon'ny minisitera aza ny asa sasany. Ny filoham-pirenena teo aloha , Profesora Zafy ALEBRT moa dia voahenjika fatratra raha nanao "MadaRail" nitety an'i Madagasikara, fa ity indray mitoraka ity kosa dia efa tafahoatran' ny mety ny fivoahana any ivelany, ka asa na inona indray no iantsoin'ny sasany azy sy anaram-bositra hivoaka, azo atao hoe: world raid. Raha ireny fivoriana iraisam-pirenena rehetra ireny tokoa mantsy no tsy maintsy vonjen'ny Prezida dia tsy mahagaga raha tsy hita matetika eto an-tanindrazana ny filoham-pirenena . Izany ve no nifidianan'ny vahoaka azy. Tsy ny fanatonana sy ny fahitana ifotony ny tena manahirana ny Malagasy ve no laharam-pahamehana, fa tsy izay fanasana mi-aro hakevohana etsy sy eroa? Betsaka no mahatsapa fa tsy tamana eto Madagasikara ity filoha Rajoelina ity. Ny vady andefimandriny sy ny ankohonany rahateo any am-pita avokoa ny androantokom-piainany, antony iray tsy mahatamana ny filoha eto an-tanindrazana. Tsy tsara tokoa moa raha irery Ralehilahy kanefa kosa ao-ka tsy hadinoina, fa filoham-pirenen'ny Malagasy izy ary tsy tokony ho varimbarian'ny lavitra, ka tsy mahita ny ambanin'ny maso.

**Rajaonarimpanontsana**

Filoha Ravalomanana

# Nankasitraka ny mpifidy rehetra nifidy ny TIM.K25

Noho ny fahavitan'ny fifidianana depiote farany teo teto amintsika, misy ny fanambarana avy amin'ny Filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Ny filoha Marc Ravalomana-na, miaraka amin'ny mpikambana ao amin'ny Tia- ko i Madagasikara sy K25 tsy ankanavaka, dia maneho fisaorana sy fankasitrahana ho antsika re- hetra izay nifidy ny kandida natolotrin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ary koa misaotra antsika rehetra nanohana sy nanampy tamin' ny fanatontosana ny fifidianana sy ny fampielezan-kevitra.

Mbola miantso antsika hanaraka tsy tapaka ny vaovao sy ny toromarika rehetra mba hiarovana ny safidintsika.

Mpandresy isika, ary ny marina dia marina hatrany.

***Nangonin'i Helisoa***




Fifidianana depiote, Toamasina

# Mivondrona ireo kandidà hampiakatra fitarainana eny amin'ny HCC

Manoloana ny halabato fanahy iniana natao, hampandaniana ireo kandidà-panjakana tamin'ny fifidianana solombavambahoaka dia nivondrona ireo kandidà ao amin'ny faritan'i Toamasina. Efa tafahoatra loatra hoy izy ireo ny zava-misy amin' izao fotoana izao, satria ny filoham-pirenena mihitsy no manitsakitsaka ny lalam-panorenana izay nanaovany fianianana. Niainga tany amin'ny fandrafetana ny lisitry ny mpifidy no efa nisy ny halatra, nandritra ny fampielezan-kevitra ary nisy hatramin'ny fanovàna ny voka-pifidianana. Tonga teto Antananarivo izy ireo hametraka fitoriana miaraka amin'ny porofo mazava tsara, ka manao antso avo amin'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana (HCC), mba hanadihady marina, hialàna amin'ny hoe "azo raisina fa tsy mitombina".



***Ny sasany amin'ireo kandidà, avy amin'ny Faritanin'i Toamasina.***

***Ny Valosoa***

Ambalavao Tsienimparihy, fifidianana

# Mitohy ny fanangonana ny porofo manamarina ny fisian'ny hosoka sy ny halatra

Mitohy ny fanangonana ny porofo manamarina ny fisian'ny hosoka sy halatra tamin'ny fifidianana depiote farany teo, any Ambalavao Tsienimparihy faritra Matsiatra Ambony. Hita any koa ny tsy fanajàna ny lalampanorenana nandritra ny fifidianana solombavambahoaka notanterahina ny 27 Mey lasa teo. Ny andininy faha-22 amin' ny lalàna mifehy ny fifidianana dia mamaritra tsara fa stylo (à bille bleu) no ampiasaina rehefa mametraka ny 'X'. Ho an' ny distrikan'Ambalavao dia mbola namafisin'ny CED (Commi- ssions électorales de district) ny maraina andron'ny fifidianana, fa tsy azon'ny mpifidy atao ny mampiasa marqueur, na ny cachet 'X', fa dia stylo araka ny efa voafaritra. Ka rehefa teny amin'ny SR-MV ny tatitra momba ny tsy fahatomombanana dia nisy ny fitsirihana teny amin'ny bi- raom-pifidianana, izay nahatrarana fampiasàna ny cachet 'X' sy ny marqueur, izay tsy fitaovana avy amin'ny SRMV, na ny CENI. Ary rehefa natao ny fifampiresahana teo anivon'ny distrika, dia maro izy ireo no nampiasaina hangala-bato. Hametraka fitoriana eo anivon'ny HCC ny tompon' andraikitra eo amin'ny SRMV miaraka amin'ireo vavolombelona avy amin' ny toerana ifotony, amin' ny fanafoanana ny vokapifidiana- na eran'ny distrika, izay nitrangan'ny hala-bato ary ny hamerenana ny fifidianana.

***Ny Valosoa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Fitondran-dRajoelina : fitondrana ratsy tantana

Rehefa ny lohany no matsatso , tsy azo antoka ho tsara izay ny vokatra. Raha ny filoha no tsy mahay mitantana dia tsy misy azo antenaina ny aminy. Izay no kisary hita amin'izao fitondran-dRajoelina mijoro izao. Teren-ko masaka toa voalobo-jaza izay hambara fa hitondra fampandrosoana an'i Madagasikara, ka hatrany amin'ny zavatra madinika avy no lazaina fa tetik'asa IEM, na koa velirano natao tamin'ny vahoaka. Vokatr'izay tsy fahaiza-mitantana izay dia manaotao foana ary ohatra amin'ireny ny nanipahan'ny HCC ambavafo ilay fitsapan-kevibahoaka saika nampiarahana tamin'ny fifidianana solombavambahoaka teo. Dia ny tena no menatra ary raha filoha tany ivelany no voan'izay dia efa naka fanapahan-kevitra mifanandrify amin'izany. Fampiesonana no betsaka amin'ny lazain'ny fitondrana, fa ny tena mahakasika ny sosialim-bahoaka mivantana tsy misy akory. Raha jerena ilay LFR dia fampitomboana vola ampiasain'ny Prezidansa sy ny Primatiora no betsaka ary na ny minisitry ny vola aza dia nanamarika fa miandry ny taona 2020 vao afaka hiasa hanao fotodrafitr'asa goavana ity fanjakana ity raha mahay mitantana. Hanao inona izany ity fitondrana ity mandram-pahatongan'ny herintaona ? Mihinana sy mandany vola izany no atao ao? Fanontaniana mbola tsy ahitam-baliny koa ankehitriny ny bolongam-bola ampiasaina amin'ilay vina IEM, vola avy aiza no ampiasaina. Tsy mbola mazava mihitsy . Vola fanampiana avy amin'ireo mpamatsy vola mahazatra iraisam-pirenena , toy ny FMI sy Banky Mondialy sa vola avy any Dubai, na Chine, na firenena hafa no hanatanterahana ilay IEM ve? Ny hita aloha dia ankasitrahan'ny FMI ny IEM fa ny fepetran'izy ireo no tsy maintsy harahana eto amintsika, tsy miraharaha izay IEM any ny mpamatsy vola mahazatra. Dia ho voafatotry ny nataony eo raha tsy mahay mitandrina. Mbola tsaroan'ny mpanara-baovao tokoa mantsy ny fanaovana ny tantely afa-drakotra ny harem-pirenena teto nandritra ny fitondrana tetezamiitatra , 5 taona ngarangidiny ary tsy mbola nisy nandiso koa ilay fitenenan'ny Ntaolo Malagasy manao hoe : tanana efa zatra nitsotra , tsy afaka ny hivonkona intsony.

***Rajaonarimpanontsana***

Haino aman-jery

# Hisy ireo hakatona, hisy ireo havela hisokatra

Namoaka fampitandremana ny ministeran'ny Serasera , nanome fe-potoana 30 andro ho an'ireo haino aman-jery tsy manara-dalàna sy tsy nahafeno ny fepetra ahafahana mampiasa haino aman-jery. Maro tokoa ary tsy azo lavina fa misy ireo Radio, na Gazety, na Televiziona no nisokatra , fa indrindra nandritra ny fitondrana Tetezamita. Ny zava-nisy anefa tamin'izany dia nisy ny haino aman-jery tsy miankina , toy ny Radio TV- MBS, ny Radio Mada, ny Fahazavana ary ny maro hafa nahita faisana mba tsy hahafahan'izy ireo mampiasa ny fitaovana eo am-pelatanany. Efa maro koa no nodorana sy nopotehana tsotra izao hatrany amin'ny fototra vokatry ny tsy fitovian-kevitra ara-politika hatrany. Betsaka araka izany no nikatona nandritra ny taona maro, lasa tsy an'asa tsy fidiny ireo mpanao gazety ary dia voatery nitady asa tany amin'ireo Radio sy Televiziona ary gazety an-tsoratra hafa izay afaka nanao izany. Nisy mihitsy aza mpanao gazety naiditra am-ponja. Tetsy ankilany kosa, nanararaotra nanao izay danin'ny kibony ireo mpomba ny fitondrana TGV nanokatra sady nanitatra ny tanjaky ny haino aman-jeriny na dia tsy mbola ara-dalàna koa aza . Fakàna ireo fitaovan'ny hafa nampiasaina manginy fotsiny. Ilaina ny fanarahan-dalàna, fa tsy rariny kosa raha misy ny mizana tsindrin'ila eo amin'ny samy haino aman-jery, na ho an'ny tsy miankina , tsy mitovy hevitra amin'ny mpitondra io, na ho an'ny haino aman-jery mpanasohaso, sy tsy manao hafa-tsy ny miaro ny tombontsoan'ny fanjakana.

***Rajaonarimpanontsana***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Rajoelina mpanongam-panjakana: mihorohoro satria « ny tody tsy misy, fa ny atao no hiverina »

Sivy ambidimampolo taona izao no namerenan'ny mpanjanaka ny fahaleovantena ho an'i Madagasikara. « Hiverina amin'ny fiandriananareo ianareo » hoy ny Jeneraly De Gaulle, raha nikabary teo Mahamasina izy ny 26 Jona 1960. Rehefa nanaiky nijanonana tao amin'ny « communauté française » anefa ny gasy dia nijanona ho nofinofy izany satria dia sarintsarim-pahaleovantena no niainana satria politikan'ny « Renimalala » no nampanjakaina teto satria frantsay maro no niasa teo anivon'ny fitondrana malagasy nandritra ny Repoblika I. Niezaka nanova izany toe-draharaha izany ny mpitondra taorian'ny 1972, ka nandroso ny fifanaraham-piarahamiasa vaovao (nouvel accord de coopération) tamin'ny frantsay ary nalaina ho fananam-pirenena avokoa ireo orinasa frantsay lehibe teto (Compagnie Lyonnaise, Compagnie Marseillaise, Électricité et Eau de Madagascar). Azo lazaina fa fanonganam-panjakana no nokasaina natao tamin'ny fitifirana ny Kolonely Ratsimandrava Richard satria ny polisy teny Antanimora (GMP) no nanatanteraka izany. Nandray andraikitra ny tafika, ka nitsangana ny fitondrana miaramila (Directoire militaire) izay nisy manamboninahitra avy amin'ny foko rehetra. Mbola misitery kosa ny momba izay atidoha sy nanome baiko tamin'ny famonoana iny filoham-panjakana iny. Azo lazaina fa niverina tamin'ny laoniny ny fiainam-pirenena rehefa tafapetraka ny Repoblika II. Tsy nisy fanonganam-panjakana tamin'ny 1991 satria raha miaramila mpihoko tsy naharesy ny rezimanta niaro ny filohan'ny Repoblika II tamin'izany. Tsy afabela tamin'ny « rivom-panovana » nitsoka tany Erôpa izay nampirodana ny « Rindrin'i Berlin » ny teto Madagasikara sy tatsy Afrika Atsimo. Tamin'ny fomba demokratika no nampiverina teo amin'ny fitondrana ny Amiraly Ratsiraka Didier, tamin'ny 1996. Tsy fanonganam-panjakana koa no nisy tamin'ny 2002 satria ny olompirenena no nijoro niaro ny safidiny tamin'ny fifidianana filoham-pirenena. Na dia tsy nitsahatra nitotongana aza ny fari-piainan'ny Malagasy sy ny toekarena dia toa hita soritra ihany fa toa samy niezaka niaro ny fiandrianam-pirenena ihany ny mpitondra nifandimby tao anatin'ny efapolo taona mahery. Tsy misy afaka mandà kosa fa fanonganam-panjakana nataon'ny andia-miaramila izay tena nampihorohoro tokoa satria na ireo manamboninahitra jeneraly aza dia nanaiky izay baiko nomen'ireo miaramila ireo, ka nanolotra ny fahefana tamin-dRajoelina Andry. Niaraha-niaina teto amin'ny Firenena ny fanjakazakan'ny mpitondra nandritra ny tetezamita izay naharitra dimy taona. Tsy nisy tanteraka izay nampanantenain'ny mpanongam-panjakana, ka taona iray taty aoriana fotsiny dia nandini-tena ilay manamboninahitra ka namaky bantsilana iny fanonganam-panjakana iny. Tsy nisy nandeha tamin'izay laoniny ny fiainam-pirenena, ka nahazo laka ny kolikoly, nirongatra ny trafika isan-karazany, nikorosy fahana ny fiainan'ny vahoaka tsy mandady harona, nanankarena tampoka ny ankamaroan'ny mpitondra. Nahatsapa izany koa, angamba, ny filohan'ny Repoblika IV, Rajaonarimampianina Hery, ka nitsipaka ambavafo ireo niaraka taminy tamin'ny tetezamita kanefa dia tsy nahatohitra ny mena miraviravy ary tafaroboka tao amin'ny fotaka mandrevo niainana tamin'ny tetezamita indray, ka nahiliky ny vahoaka tany amin'ny sisin-tosy. Hita amin'izao fotoana izao fa sady voahilika no maty enjik'i Rajoelina Andry sy ny ekipany ny mpitondra notarihan-dRajaonarimampianina Hery. Tsy ny nataon'ity farany no mifototra aminy fa "valifaty" tsotra izao no ataon-dRajoelina Andry araka ilay fitenenana hoe; "anao ny "aller" fa ahy ny "retour". Mikatsaka mafy izay fomba hahamarin-toerana sy hahamafy fototra ny fitondrany ny filohan'ny Repoblika amin'izao fotoana izao, ka hampanantenaina volana aman-kintana ny vahoaka, mandadilady atsy sy aroa mangataka fiaraha-miasa sy misarika ny mpanambola hampiasa izany eto an-toerana kanefa mihambo ho manana ny ilaina rehetra ka tsy maintsy mahomby. Nopotehin-dRajoelina Andry avokoa ny fivoarana sy fampandrosoana "kely" efa nampitraka ity Nosy ity, folo taona lasa izay. Mety hanana ny maro an'isa, angamba, ny TGV ao amin'ny Antenimieram-pirenena kanefa tsy azo hitarafana na inona na inona eo amin'izay mety hampisandratra ity Firenena ity izany. Tsy hisy ny "sakafo be" eny Iavoloha amin'ny Fetim-pirenena, 26 Jona. Ny tolakandro vao hisy ny matso izay tsy fanao sy tsy mbola fahita eran-tany. Angamba, fisehosehoana amin'ny any ivelany fa manana ny mampiavaka azy amin'ny mpitondra rehetra maneran-tany izao fitondrana eto Madagasikara izao. Mety ho fitsitsiana sy fitsinjovana ireo vahoaka sahirana araka ny nolazain-dRajoelina Andry ihany koa angamba. Azo antoka anefa fa antony ara-politika no tena marina satria sarotra ny tsy hanasa ireo politisiana na ireo filoham-pirenena teo aloha kanefa toa mamely fantsy avokoa ireo, ka tsy te-hifanatri-tava aminy ny filohan'ny Repoblika. Mety havelan'ny olona hianjaka eo koa anefa. Ny tsy maintsy ao an-tsaina mandrakariva anefa: fa izay nafafy ihany no jinjaina, ka namafy rivotra izao fitondrana izao ka hijinja tadio. Mpanongam-panjakana ka mety ho voaongana koa.

***Andry Tsiavalona***

**FETIM-PIRENENA**

# Paul Kagame handaniana volabe

Foanana ny fisakafoanana fanao isan-taona mandritry ny fankalazana ny tsingerin-taona niverenan'ny fahaleovantenan'i Madagasikara, fa handray ny filohan'i Rwanda Paul Kagame , vahiny manan-kajan' ny fitondrana Malagasy. Hisy izany ny volabe hatokana handraisana ity filoham-pirenena vahiny, sy ireo delegasiona tarihany, koa nanapa-kevitra ny tao an-dapa fa tsy ilaina ny mandany vola ho an'ireo Malagasy tokony hasaina . Ekena fa manaja vahiny isika , heverina kosa anefa fa tsy tokony hatao ambanin-javatra ireo solontenam-bahoaka avy eto an-toerana rehefa Asaramanitra, satria fetim-pirenen' ny Malagasy iray manontolo izy io, fa tsy fetin'ny vahiny Paul Kagame avy any ivelany, na koa fetin' Iavoloha irery ihany. Ny fanasana koa tsy voatery handaniana volabe tahaka ny nataon'ny IRD sy MAPAR nandritra ny fampielezan-kevitra, fa ilaina kosa ny fanomezam-boninahitra ireo olobe , Ampanjaka sy Tangalamena ary ireo heverina fa solontena nahazoantsika ny fiverenan' ny Fahaleovan-tena. Tsy mitaky tambiny amin'ny Filoha Andry Rajoelina izy ireo fa mba miandry ny haja hatolotra azy fotsiny. Ny fanasana toy ireny koa raha ny tena marina, tsy hanin-kahavoky fa voninahitra hifanomezana. Ny filoha Andry Rajoelina rahateo mbola tsy teraka raha tsy



taty amin'ny fiandohan' ny Repoblika Faharoa, koa tsy atao mahagaga raha tsy mahalala ny tokony hataony; ireo mpanolon-tsainy koa etsy andaniny manipy hoditra akondro ary izy ireo ihany no hamingana ny filohany . Raha fehezina ny fanadihadiana ataontsika dia fisehosehoana sy fihetsiketsehana foana no tena angadin'ity fitondrana amin'izao ity mba hoentina ilazana fa tena miasa mafy ary miasa tsara ry zareo eo anatrehan'ny firaisam-pirenena sy eo imason'ireo olona mora andairan'ny fampiesonana. Andrasan'ny vahoaka Malagasy koa manomboka eto ny mangarahara amin'ny fandaniana handraisana ny filohan'i Rwanda , Paul Kagame araka ny voalazan'ny minisitry ny serasera sy fifandraisana amin'ny fiadidian'ny Repoblika, fa ny firenena mpanasa no miantoka iray manontolo ny lany rehetra rehefa misy ny fitsidihana ofisialin'ny vahiny tahaka izao.

**Rajaonarimpanontsana**

## NY TENY FIAINANA

*Izay mampidi-doza amin'ny ankohonany dia mandova ny rivotra; ary ny adala dia tonga mpanompon'ny hendry.*
***Ohabolana 11:29***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Banky, tsy voahaja ny tsiambaratelon'ny kaontin'ny mpanjifa

**Raharimanana Patrick** : banky KGB. Amin' izao dia izay mpanao politika rehetra, fonctionnaires ambony, DG na directeur na cadre ambony orinasa dia antsoin'ny banky hoe "Client sensible", ka dia arahi-maso avokoa ny kaontiny amin'ny banky, na ny miditra na ny mivoaka. Misy kaomisionina manokana mihitsy ao amin'ny banky mijery izany ary mandefa ny momba ny mouvement bancaire rehetra any amin'ny fanjakana. Na vola kely aza dia mety hitakiana justificatif.

**Justin Rakotomalala :** tsy ilana manampahaizana mpanao politique, ka mba manambola intsony ny firenena @zay tsy misy afaka manozongozona ny seza fa afaka manao zay tiana atao eo @ fitondrana. Résultat : kiantranoantrano, jadona , fanagadrana hiteraka hetsi-bahoaka no hisy. Mpanongana Rajoelina dia tsy maintsy ho voaongana.

**Zan Lakoto :** anisan'ny sakana amin'ny fandehan'ny fandraharana majinika sy ny toekarena amin'ny akapobeny izany zavatra izany. Ny volan'ny vahiny sy ireo mizaka ny zompirenena hafa nefa misosa tsara tsy misy olana. Tsy mahagaga, vitsy dia vitsy sisa ny malagasy hoe tompona orinasa vaventy. Malagasy toa azy ihany no misakana azy.

**Tolalaina Ramaharavoson :** izay no mahatonga ny sasany tsy matoky banky eto fa mametraka vola any ivelany na mampirina vola any an-tranony.

**Kia Orana :** Maurice et Suisse be gasy mpanambola any zalahy e !

**Jean Brice Razafy Rahajarison** : ny mpamatsy vola no anisany nangataka anio, ny vola hanaovana acte terroriste, ny financement de propagande sy ny partie politique no tena arahy maso aminio.

**Raharimanana Patrick :** ohatran'ny mahafinaritra ahy ny teninao. Nisy nanana 180 millions de dollar nanaovana propagandy, ka asa na nandalo sivana tokoa zay?

## TONONKALO

### AIZA IHANY ITY SOLIKA MORA ?

Aiza ihany ity solika mora,
Sa `nareo tena tsy misy hapoaka ?
Sao dia resaka mandany rora,
Fa voafitaka indray ny vahoaka ?

Tsy mba matotra ny ataonareo.
(Tena resaka lainga eny foana !)
Ny vahoaka efa leo , tena leo,
Fa mandeha dia mandeha ny fotoana.

Hisy ihany ny solika mora ,
Ka ho latsaky ny efatra arivo ?
Raha tsy vitanareo , miesora,
F`aza zatra ny lainga marivo.

Hisy ihany ny solika mora,
Sa tsy nety ny fifanarahana ?
Atsaharo ry saina tanora ,
Ny eboebo sy ny fidedahana .

***DADAN`i ZINA (08-06-19)***

CAN 2019

# Ireo fandaharan-dalao rehetra

Hitodika any Egypta ny mason'ny mpitia baolina kitra rehetra amin'ny herinandro ho avy io, ny marimarina kokoa hanomboka ny zoma 21 jona ka tsy hifarana raha tsy ny zoma 19 jolay. Ho tanterahana any Egypta tokoa ny dingan'ny famaranan'ny CAN 2019, na ny fiadiana ny amboaran'i Afrika ho an'ny ekipampirenena. Sambany no handray anjara amin'izany ny ekipa-pirenena Malagasy eo amin'ny baolina kitra, na ny Barean'i Madagasikara. Azo ihoriranana ihany ireo tarika miray sokajy aminy amin'io dingan'ny famaranan'ny CAN 2019 dia i Nigeria, Guinée ary Burundi. I Burundi koa dia sambany no tafakatra toa antsika. Toy izao ireo fandaharan-dalao rehetra mandritra izany, izay hatao amina kianja miisa 6. Ora eto Madagasikara no amin'ny programa manaraka eto ambany:

**• Andro voalohany :**

**Zoma 21 jona :**
-Égypta - Zimbabwe, amin'ny 23 h ao Le Caire (Groupe A)

**Sabotsy 22 jona**
-RD Congo - Ouganda, amin'ny 17h 30 ao Le Caire (Grou-pe A)

-Nigeria - Burundi, amin' ny 20h any Ale-xandrie (Groupe B)

-Guinée - Madagascar, amin'ny 23h any Alexandrie (Groupe B)

**Alahady 23 jona**
-Maroc - Namibie, amin' ny 17h 30 ao Caire (Groupe D)

Sénégal - Tanzanie, amin' ny 20h ao Le Caire (Grou- pe C)

Algérie - Kenya, amin' ny 23h ao Le Caire (Groupe C)

**Alatsinainy 24 jona**
-Côte d'Ivoire-Afrique Atsimo, 17h 30 ao Le Caire (Groupe D)

-Tunisie - Angola, amin' ny 20h any Suez (Groupe E)

Mali - Mauritanie, amin' ny 23h any Suez (Groupe E)

**Talata 25 jona**
-Cameroun - Guinée-Bissau, 20h any Ismailia (Groupe F)

-Ghana - Bénin, amin'ny 23 h any Ismailia (Groupe F)

**• Andro faharoa**

**Alarobia 26 jona**
-Nigeria - Guinée, amin' ny 17h 30 any Alexandrie (Groupe B)

-Ouganda - Zimbabwe, amin'ny 20h ao Le Caire (Groupe A)

-Égypte - RD Congo, amin'ny 23h ao Le Caire (Groupe A)

**Alakamisy 27 jona**
-Madagascar - Burundi, 17h 30 any Alexandrie (Groupe B)

-Sénégal - Algérie, amin' ny 20h any Le Caire (Groupe C)

-Kenya - Tanzanie, amin' ny 23h ao Le Caire (Grou- pe C)
Zoma 28 jona
-Tunisie - Mali, amin'ny 17h 30 any Suez (Groupe E)

-Maroc - Côte d'Ivoire, amin'ny 20h ao Le Caire (Groupe D)

-Afrique Atsimo- Namibie, amin'ny 23h ao Le Caire (Groupe D)
Sabotsy 29 jona
-Mauritanie - Angola, amin'ny 17h 30 any Suez (Groupe E)

-Cameroun - Ghana, amin'ny 20h any Ismailia (Groupe F)

-Bénin - Guinée-Bissau, amin'ny 23h any Ismailia (Groupe F)

**• Andro fahatelo**

**Alahady 30 jona**
-Madagascar - Nigeria, amin'ny 19h any Alexandrie (Groupe B)

-Burundi - Guinée, amin' ny 19h ao Le Caire (Groupe B)

-Ouganda - Égypte, amin'ny 22h ao Le Caire (Groupe A)

-Zimbabwe - RD Congo, amin'ny 22h ao Le Caire (Groupe A)

**Alatsinainy 1 jolay**
-Afrique Atsimo, amin'ny 19h ao Le Caire (Groupe D)

-Namibie - Côte d'Ivoire, amin'ny 19h ao Le Caire (Groupe D)

-Kenya - Sénégal, amin' ny 22h ao Le Caire (Groupe C)

-Tanzanie - Algérie, amin'ny 22h ao Le Caire (Groupe C)

**Talata 2 jolay**
-Bénin - Cameroun, amin'ny 19h any Ismailia (Groupe F)

-Guinée-Bissau - Ghana, amin'ny 19h any Suez (Groupe F)

-Mauritanie - Tunisie, amin'ny 22h any Suez (Groupe E)

-Angola - Mali, amin'ny 22h any Ismailia (Groupe E)

**• 1/8-dalana**

**Zoma 5 jolay**
-1er groupe D - 3e groupe B/E/F, amin'ny 19h ao Le Caire

-2e groupe A - 2e groupe C, amin'ny 22h au Caire

**Sabotsy 6 jolay**
-2e groupe B - 2e groupe F, amin'ny 19h any Alexandrie

-1er groupe A - 3e groupe C/D/E, amin'ny 22h ao Le Caire




**Alahady 7 jolay**
-1er groupe B - 3e groupe A/C/D, amin'ny 19h any Alexandrie

-1er groupe C - 3e groupe A/B/F, amin'ny 22h ao Le Caire

**Alatsinainy 8 jolay**
-1er groupe E - 2e groupe D, amin'ny 19h any Suez

-1er groupe F - 2e groupe E, amin'ny 22h any Ismailia

**• ¼-dalana**

**Alarobia 10 jolay**
-1/4-dalana 1, amin'ny 19h ao Le Caire

-1/4-dalana 2, amin'ny 22h ao Le Caire
Alakamisy 11 jolay
-1/4-dalana 3, amin'ny 19h any Suez

-1/4-dalana 4, amin'ny 22h ao Le Caire

**• ½-dalana**

**Alahady 14 jolay**
-1/2-dalana 1, amin'ny 19h ao Le Caire

-1/2-dalana 2, amin'ny 22h ao Le Caire

**• Andro famaranana**

**Alarobia 17 jolay**
-fiadian-toerana laharana faha-3, amin'ny 22h ao Le Caire

**Zoma 19 jolay**
-Famaranana, amin'ny 22h ao Le Caire

*Lita*



## Sakafo Ny Valosoa



**Saosisy sy épinards ritra,** be tongolo gasy indray, no laoka amin'ny pejin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba fitsaboana ny aretin-kibo

Fomba fitsaboana ny aretin-kibo indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ireo sakafo tandrema: raha mitohana na manana olana amin'ny aretin-kibo sy ny manodidina azy (taovam-pandevonan-kanina rehetra) dia ireto ireo sakafo tokony hohanina sy ireo tokony hofadiana raha tena marefo ny kibo sy ny taovam-pandevonan-kanina:

1- Raha mitohana : fadio na ferana ny fihinanana ireto : vokatra vita amin'ny ronono, siramamy voahodina toy ny kobam-barim-bazaha, katsaka voatoto, soda... Ireo sakafo mendy sady matsiro toy ny frites, chips ny viennoiseries, sôkola... Azo hanina betsaka kosa ny pruneaux, kiwis, paoma, poara, hanitra masiatsika sasantsasany toy ny sakamalaho, tamotamo, ny menaka avy amin'ny trondro, ny menaka vita amin'ny sesame.

2- Raha mivalana be : fadio na ferana ireto : sakafo mendy, sakafo feno fibres toy ny laisoa, voasary sy ny mitovy karazana aminy. Ny tokony hohanina : dite maitso, kanelina, ron-ken'omby, ron'akoho natao tamin'ny taolan'akoho, sakafo toy ny yaourt.

3- Raha mavaivay ny vavony : ny tsy tokony hanina : sakafo mendy sy masiatsiaka (misy epice) ny kafe, ny zava-pisotro misy entona (gaz). Ny tokony hanina : Reglisse (ilay zava-maniry) vahona.

4- Misy ulcères ny vavony : fadiana tanteraka ny alikaola sy ny kafe. Azo hanina kosa ny paoma nandrahoina natao compote, lentilles, tantely, ranona laisoa, haricots verts.

5- Raha idiran'ny rivotra na manotika be ny kibo : sakafo tsy azo hanina : zava-pisotro misy entona (gaz) labiera, sakafo matavy be, legioma be fibres. Ny tokony hanina : ny tantely, menthe poivrée. Akondro masaka 1 + chocolat noir 3 tablette somary hafanaina dia potserina miaraka, io no hanina hanalana ilay mivalana be , atao maraina atoandro hariva. Rehefa mijanona ilay fivalanana dia hajanona.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Ifanadiana any amin' ny faritra Vatovavy Fitovinany

Ny tanànan'Ifanadiana any amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity. Tsy dia avo loatra ity tanàna ity satria 466 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vokatra fanondrana toy ny kafe, ny voankazo toy ny letchis, … Lalovan'ny lalampirenena mankany Mananjary, Manakara, Farafangana ary Vangaindrano iny ity tanàna ity.



# Jehovah, Madagasikara 09 jona 2019, hafatra manokana laharana 46. Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao.

***Asan' ny Apostoly 2: 3-4 "Ary nisy lela maro mitarehin'afo niseho taminy, izay nizarazara; ary nipetraka tamin'izy rehetra isan-olona izany. Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy.."***

Ry mpamaky sy mpihaino, hanazava aminareo ny amin' ny PENTEKOSTA IZAHO JEHOVAH. **Asan' ny apostoly 2. And. 1- and.4 "Ny nilatsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny Andro Pentekosta, sy ny tori-teny nataon'i Petera tamin'izany]** . Afaka atao hoe koa **"Ny nandatsahana ny FANJAKAKO JEHOVAH teo amin' ny olona."** Eto ary dia hitanareo amin' izay fa nampiasaina, nahetsika, nirahina, nasaina nanao ny asany ny FANAHY MASINA. Ny zavatra nataony dia nampiseho Ilay FANJAKANA. Tamin' ity andron' ny PENTEKOSTA ity izay ambarako aminareo mazava hoe ny zavatra fantatry ny olona dia hoe fahatsiarovana, andao hivavaka fa andron' ny Pentekosta dia mahatsiaro. Fa raha nazava tamin' ny olona izao fampianarana izao hoe io PENTEKOSTA io no FAMPIDINANA ilay FANJAKANA ao am-pon' ny olona dia efa tena tafiditra sy nanana ilay FANJAKANA avokoa ny olona. Fa izao no antom-pisian' ilay FIFOHAZAM-PANAHY dia satria tsy vita izany, tsy nampianarina ny olona ny FAHAMARINANA. Ka io FIFOHAZAM-PANAHY io izany sisa no hampidinako eo amin' ny olona ny atao hoe FANJAKANA. Izany no tsy takatry ny olona ka anaovany Fifohazam-panahy foana hoe andao isika tonga dia hanao ary e, andao isika tonga dia ... **MIANDRY NY TENY FIKASANA AVY AMIKO** fa aza manao tahaka ny mpianatra sy ny Apostoly tamin' ny fotoan' andro hoe izao va izany JESOSY. Fa IZAHO mihitsy no miteny hoe miomàna fa kely sisa dia izao andro farany izao ilay izy. Ka na hiteny aza AHO dia tsy fantatrareo mihitsy hoe rahoviana izany. Eto indray dia **lela mitarehin' afo**. Nisy karazana olona be dia be tao, raha amin' izao androanareo izao dia tahaka ny hoe nisy espagnol, frantsay, sinoa, allemands, rosiana, sns... izay no akaikikaiky anareo kokoa satria raha ireto teny be dia be ambany ireto dia tsy ho fantatrareo izany hoe nisy karazana olona tao. Izany hoe io AFO nipetraka teo ambonin' ny olona io dia izao no dikany raha frantsay io olona io dia tsy maintsy ho tonga any Frantsa koa ny FANJAKAKO, raha alemana io dia ho tonga any Allemagne koa ilay FANJAKANA. Ka nisy anarana tanàna na firenena iry ambany iry dia midika fa tsy maintsy ho tonga any koa ny FANJAKAKO. Rehefa niasa izany ny FANAHY MASINA dia nasehony fa tsy maintsy tonga amin' ny AFO amin' izany firenena izany koa. **Niteny tamin' ny teny tsy fantatra, tamin' ny teny izay mbola tsy hainy.** Ny asan' ny FANAHY MASINA rehefa nampidinina ilay FANJAKANA dia nampiteny tamin' ny fiteny maro izay mbola tsy hain' ny olona, izay mbola tsy fantatry ny olona akory. Ny dikan' izany dia izao TONGA NY FANJAKANA ka manao ny asany, manao ny fombany amin' ny zavatra tsy noeritreretin' ny olona. Samy hafa mantsy ny Batisan' ny Fanahy Masina sy ny fiteny amin' ny teny tsy fantatra. Ny Batisan' ny Fanahy Masina dia tenin' ny Lanitra ifampiresahana Amiko, IZAHO JEHOVAH FANJAKANA dia ilay FANJAKANA ao anatinao miresaka AMIKO, dia ny FANJAKANA sy ny FANJAKANA ihany no afaka mifampiresaka. Ary ity FANJAKANA nalatsaka ity indray dia resaka FIRENENA izy ity, TENIM-PIRENENA. Izany hoe ho any amin' ireny firenena maro isan-karazany ireny ilay FANJAKANA, tsy maintsy tonga any. **Andininy 5**. Ny dikan' io dia izao izany no fiasan' Ilay Fanjakana dia mahavery hevitra fa ny fiasan' ny Fanahy Masina no manatanteraka azy. Ny FANAHY MASINA ao anatin' ny olona no manatanteraka ny asan' ilay FANJAKANA amin' ny alalany. Tao Galilia no nanaovana ity asa ity mba ho fanaporofoana teo amin' ny olona fa nilatsaka tokoa ilay FANAHY MASINA FANJAKANA dia tamin' izany mbola tsy fantatry ny olona hoe ao anaty no naseho tamin' ny alalan' ny AFO teo amin' ny lohan' izy tsirairay avy, dia filazana firenena hoe handray, ho tonga amin' izany firenena tsirairay izay nilatsahany izany ny FANJAKANA. Hafa ilay miteny amin' ny teny tsy fantatra izay Batisan' ny Fanahy Masina izay anao irery iny fa eto kosa dia miresaka firenena tsy maintsy hahatongavan' ilay FANJAKANA. Andininy 14. Nanazava ny Apostoly fa tsy mamo ireo olona ireo, fa raha mba fantatrareo fa Joela anie efa niteny tamin' ny fotoan' andro fa amin' ny andro farany no handatsahako ny FANAHY MASINA, ilay FANJAKAKO JEHOVAH ao amin' ny olona rehetra. Dia izao androanareo izao. Ny Apostoly dia tsy nanavela nanatanteraka io asa io fa tsy maintsy notehirizina mafy io mba ho porofo amin' izao andro farany izao hoe efa nampilazaina ny mpaminany izany. Dia Joela niteny foana, io tsy tamin' ny andron-dry Joela. Nanomboka teo amin' ny andron' ny Apostoly, dia hita indraindray, tsy hita indraindray satria mafy loatra ny fanenjehana ary mbola tsoriko aminao fa mbola nodoroana indray ny Tempoly tamin' ny andron' ny Apostoly. Tsy ilaina mijoro eto mihitsy ity Fiangonana misy Andriamanitra manao zavatra hafahafa ity fa mamo ny olona ao, misotro divay ry zareo dia mamo dia mirediredy fa tsy fantany hoe tonga ny FANAHY MASINA, nalatsaka ilay FANJAKANA. Noho izany tsy maintsy nitsangana ny Apostoly nanazava satria ny 40 andro izay niarahan' i JESOSY tamin' ny Apostoly dia nanambarany mandrakariva ny zava-miafina momba ny FANJAKANA. Tsy maintsy nambaran' i JESOSY teo hoe IZY mbola hiverina, tsy maintsy nilazana ireo Apostoly ireo filahatry ny zava-misy hiseho sy hitranga ambany masoandro. Tena niasa ireo Apostoly ireo ary izany no nanenjehana sy namoaona azy ireo. Ka ny PENTEKOSTA dia fotoana nanendrena na TENY FIKASANA ho anareo hahalalana FAHAMARINANA ka tsy fahatsiarovana izany fa fampidinana ilay FANJAKANA ao anatin' ny olona. Ny atao hoe PENTEKOSTA dia ASA LEHIBE na FIFOHAZAM-PANAHY. Hanao PENTEKOSTA NGEZABE eto amin' ny Firenena AHO JEHOVAH handatsahako ny FANJAKAKO eo amin' ny olona. Io FIFOHAZAM-PANAHY LEHIBE SADY FARANY io no hanatanterahako izany.

Mbola hitohy.

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

**Telephone** : 033 12 461 43

**E-mail:** jehovahandriamanitra@gmail.com

**Facebook** : Jehovah Andriamanitra page

**Radio:**

- Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
- Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
- RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

BORIBORITANY VOALOHANY (CUA)

## Nanao fanadiovana faobe tao aorian' ny fetin'ny Pentekôsta



*Ny fanafiovana faobe nataon'ny CUA tetsy Analakely sy ny manodidina.*

Anisan'ny toerana mahasarika ireo mponina izay mipetraka eto Antananarivo sy ny manodidina ny mitsangatsangana sy miantsena eny Analakely rehefa vanim-potoanan' ny fety. Vokatr'izany dia tsara ny mampahafantatra fa miha-mitombo torak'izany ihany koa ny fako izay miparitaka etsy sy eroa. Noho izany dia nandray andraikitra avy hatrany ny tompon'andraikitra avy eo anivon' ny Boriboritany Voalohany, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), notarihan'ny lefitra faharoan'ny delegen'ny Boriboritany, Herinaina Razanadrakoto, nanatanteraka fanadiovana faobe teny amin'ny faritra Analakely, sy teny amin'ireo tsena lehibe ao amin'ity boriboritany ity. Izany no natao dia mba ho famerenana amin'ny laoniny ny fahadiovana taorian'ny fety ary mba ho fanomanana sahady ny fetim-pirenena. Nentanina manokana tamin' izany ireo mpivarotra ara-dalàna sy ireo mpivarotra amoron-dalana ary ireo "association" izay mpitantana fotodrafitr' asa, mba handray anjara tamin'izany fanadiovana faobe izany, satria anisan' ny toerana fitadiavan' izy ireo eo amin'ity faritra ity, ka tokony hadio lalandava. Nanamafy ihany koa ny lefitra faha-2 ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany, RAZANADRAKOTO Heriniaina fa rehefa tsy mandoto dia efa manadio. Manentana hatrany ihany koa ny avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra fa soa iombonan'ny Malagasy Antananarivo, ka tokony hadio sy hilamina hatrany.

*Aly*

Fanaovana foto-drafitrasa (CUA)

## Hofanina amin'ny fanaovana lalankely rarivato ireo mpiasan'ny kaominina sy ny boriboritany

Vatan-dehilahy 50, mpiasan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ireo avy amin' ny Boriboritany ao aminy indray, no nomena fiofanana mahakasika ny famboarana lalankely hatao amin'ny ravivato, hanampy ireo efa nahavita izany teo aloha, fiofanana izay natao tetsy Antsakaviro tamin'ity herinandro ity. Namafisin' ny tomponandraikitra fa efa maro ireo fitaovana toy ny vato azo teny amin' ireo lalana namboarina teto Antananarivo ary efa miroso amin'ny fampiasana izany izy ireo , dia ny hanatsarana ireo lalankely eny anivon'ny boriboritany miisa enina eto an-drenivohitra. Mba hanafainganana ny fanatontosana ny asa, sy hampisy vokany ny asa atao dia natevenina ny mpiasa hanatanteraka ny asa, izay no nahatonga ny fanohizana fanomezana fiofanana toy izao, araka ny fanazavana nomen'ny talen'ny asa vaventy eo anivon' ny kaominina, RATOVO HERY Henri. Efa nisitraka izao fotodrafitrasa avy amin'ny lalana izao ireo boriboritany miisa telo eto amin'ny kaominina Antananarivo renivohitra , dia ny Boriboritany faha-2 sy faha-5 ary ny faha-6, hiitatra amin' ny boriboritany hafa izany raha ny nambaran'ny tomponandraikitra , ilaina anefa ny fiarahamiasa amin'ny fokontany, indrindra ny amin'ny fametrahana ireo fitaovana toy ny vato hoy ny fanazavana nomen'ny chargé de mission projet ny CUA Elysée Razafimahefa.

*Aly*

Barean'i Madagasikara sy ny UNICEF

## Nitsidika ny foibe fandraisana antso ho fiarovana ny herisetra mihàtra amin'ny zaza

Nitsidika ny foibe fandraisana antso ho fiarovana ny herisetra mihàtra amin' ny ankizy ao amin'ny DAS, na ny fiobem-pitondrana misahana ny raharaha sosialy ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), etsy Isotry, ny alatsinain'ny Pentekôsta teo, ny solontenan'ny mpiara-miombon' antoka UNICEF, tahirin'ny Firenena Mikambanana misahana ny zaza, izay angady nananana sy vy nahitana izao tetikasa fiarovana ny ankizy izao. Niaraka tamin'ny ekipan' ny BAREA ireto mpiaramiombon'antoka avy amin' ny UNICEF ireto, mialohan'ny niaingan'ny ekipam-pirenena Malagasy eo amin'ny baolina kitra ho any ivelany, hiatrika ny dingan'ny famaranan'ny CAN 2019. Fantatra tamin'izany fa manodidina ny 300 isan'andro ireo antso voarain'ny tompon'andraikitra misahana ny fiarovana ny ankizy amin'ny herisetra mahazo azy, etsy amin'ny Ivontoerana fandraisana izany ao amin'ny DAS, na ny foibem-pitondran'ny asa sosialin' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), etsy Isotry. Momba izay fitarainana mahakasika ny herisetra mahazo ny ankizy izay dia ny laharana maitso 147 no antsoina, antso avy amin'ny faritra 22 hatreto no azo amin'izany. Fahombiazana ny fisian'io fanaovana antso sy fitarainana io hoy ny tomponadraikitra, ny Inspecteur Principal de police Clément Rajaonarison, na dia fakan-kevitra sy fandrebirebena no misy indraindray. Maro amin' ireo ankizy no iharan' izany herisetra izany eny anivon'ny fiarahamonina eny , izany anefa dia mila ny fifanomezan-tanan'ny tsirairay ny famongorana azy, hoy ny tale misahana ny asa sosialy tantanan' ny CUA na ny DAS, dokotera Prisca Andriantseheno, izay misy ity sampana miahy ny ankizy amin' ny herisetra mahazo azy ity.

*Serge*

FIOMANANA AMIN'NY FETIM-PIRENENA

## Manatsara ny endriky ny tanàna sy ny fifamoivoizana ny CUA

Ho fanomanana ny fetim-pirenena dia miezaka hatrany ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) manatsara ny endriky ny tanàna, amin'ny alalan' ny fanavaozana ireo tsipika marindrano (marquage au sol), izay manamora ny fifamoivoizana, amin'ny fifamezivezen'ny fiara sy ny fiampitana arabe. Tamin' ity indray mitoraka ity dia nanomboka teny amin' ny RM1 Analakely, nihazo ny araben'ny fahaleovantena, manodidina ny lapan'ny tanàna ary nifarana teny amin'ny "Gare Soarano", no nanatanterahan'ny ekipan' ny Departemanta misahana ny fifamezivezena sy ny fitaterana an-dRenivohitra (DTMU) ny asa. Araka izany dia manentana ireo mponina sy ireo mpampiasa làlana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, mba samy hanaja ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana, eo ihany koa ny fanajana ireny tsipika marindrano ireny, mba ho fisorohana ny loza, sy mba ho fandaminana ny fifamoivoizana eto an-dRenivohitra.



"Marquage au sol" nataon'ny CUA eto an-drenivohitra.

***Helisoa***

CUA sy ny BNGRC

## Miomankomana hanala ilay vatobe 500 t mety hampidi-doza

Miomankomana hanala ilay vatobe milanja 500 t ahiana mety hampidi-doza ankehitriny ny mpamonjy voinan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), sy ny BNGRC, na ny birao nasionaly mitantana ny loza voajanahary. Ny taona 1986 no efa nisy fihetsehany ny vatobe milanja 500 taonina etsy Tsarafarittra Tsimbazaza, Boriboritany faha-4, tsy lavitra ny toerana nisehoan'ny voina farany teo, raha ny nambaran'ireo mponina eny an-toerana. Vato izay nahiana hiteradoza nandritra ny taona maro. Manoloana izany vato mandondona izany dia nidina ifotony niara- nisalahy amin'ny ho famakiana izany vato izany ny mpamonjy voina an'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), sy ireo miray sehatra aminy, toy ny avy amin'ny BNGRC. Ny fanalana ny vato mandondona no vahaolana haingana hisorohana ny loza mety hitranga. Ireo mponina manodidiana dia efa nafindra vonjimaika amin'ireo toerana voatokana mandra-pisian'ny fandaminana vaovao.

***Serge***



Fetin'ny Ray

## Hanome fahampo ny Ray sy ny rehetra ny kaominina Ivato

Noho ny fankalazana ny fetin'ny Ray ny alahady 16 jona ho avy izao, ny kaominina Ivato sy ny ben'ny tanànan'Ivato Penjy Randrianarisoa, ny Fiangonana Sainte Thérèse Ivato dia manolotra fampisehoana "FETIN'NY RAY" hiarahana amin'ireo mpanakanto fanta-daza toa an'i : FLASH B , OBLACK , BODO, JESS FLAVIE ONE, REBIKA, JOHANNE , BOLO PIX, RAJAO (malok'ila) ny alahady izao manomboka amin' ny 1 ora tolakandro ao amin'ny tokotanin'ity Sekoly ity. Tsy misy vidimpidirana izany fampisehoana ho an'ny Ray, sy ho an'ny rehetra izany. Sambany no hanome fampisehoana ho an'ireo raim-pianakaviana ny ao amin'ity kaominina ity.



Ireo mpanakanto hanafana ny fetin'ny Ray eny Ivato.

***Isambilo***

Andriampotsy Fenoarivobe

## Tany an'hekitara maro no misy mandroba

Ny taona 1975, rehefa nahavita ny fiofanana mahakasika ny fambolena sy fiompiana ireo vondron'ny tantsaha niofana tao Ankitsibe Ambatondrazaka dia nomen'ny fanjakana Malagasy alalana, sy notohanany hifindra monina tany amin'ny tanànan'Andriampotsy distrikan'i Fenoarivobe. Niompy sy namboly izy ireo, nalalaka ihany koa ny tany, izay natolotry ny fanjakana ahafahan'izy ireo mivelona. Nahazo kaominina ny tanàna rehefa nitombo ny mponina ary nanana ny ben'ny Tanàna nitarika azy. Ny taona 2013 no nisy nandrahona voalohany, haka ny ampahany tamin'ireo tany izay voazarin'ny mponina, saingy nandamoaka izany. Ankehitriny mipoitra indray ny mpandroba fananan'olona ary milaza fa manana fanjakana matanjaka ho lamosiny. Fikambanana iray avy eto an-drenivohitra fantatra amin'ny anarana hoe "VONONA" no mikasa handroba ny fananana sy handroaka ireto vahoaka marobe monina ao Andriampotsy Fenoarivobe ireto. Mpitondra fiangonana iray no mpitarika izany fikambana izany fantatra amin'ny anarana hoe Pastora Govain. Velon-taraina arak'izany ireto tantsaha manodidina ny 400 tompon'ny tany. Ireo mpandroba izay efa nandrahona ny Ben'ny Tanàna ary koa efa manorina toby fonenana any an-toerana sy mitrandraka ny ala sy izay azo trandrahana .

***Ny Valosoa***




## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao : LFR2019 : efa nankatoavin'ny HCC hatry ny 25 mai 2019 (raha tena marina indray io date io) fa tsy mbola navoakan'ny PRM hanankery, donc mbola tsy mihàtra. Koa raha mbola tsy mihàtra io LFR2019 io, dia avy aiza daholo izany ireny volabe aparitaka etsy sy eroa ireny: 700 millions Ar, 500.000 EUR aroa, raha tsy hilaza afa-tsy ireo fa tsy hiresaka fandaniana hafa? Tsy mbola hita taratra any anaty vilanin'ny olona ireo fandaniana ireo an, aleo hazava. Fa na atao aza fa efa mihàtra koa ny LFR2019, mbola lalana maro no alehany vao afaka mampiasa ny vola voatonona ao anatiny ireo Mpanatanteraka. Aza misy miteny hoe vola "napetrak'i Rajao" ireny fa hisy hanangam-bovona eto indray. Ny hita aloha hatreto dia tsy maintsy misy orinasa vahiny manodidina ny PRM rehefa hoe hanome vola izay izy. Arak'izany dia tsy volany nomeny ireny, fa ireny orinasa ireny no nanome na manome.

***Mandroso Randria***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

## SARIITATRA : Tsy misy zava-bitan'ny fitondrana fa mampifaly fotsiny no ataony



# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fanadiovana faobe nataon'ny CUA tetsy Analakely sy ny manodidina tao aorian'ny fetin'ny Pentekôty.






Fiofanana momba ny fanaovana lalankely rarivato, nataon'ny mpiasan'ny CUA teny Antsakaviro.





Ny Barean'i Madagasikara sy ny UNICEF, nitsidika ny foibe fandraisana antso ho fiarovana ny herisetra mihàtra amin'ny zaza, tetsy Isotry.






Fanatsarana ny tanàna ataon'ny CUA amin'izao ankatoky ny fety izao, amin'ny fandokoana ny arabe.



